# **Tsimbina :** Fandaharanasa noho ny hamehana manohana ireo ankohonana marefo manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana sy amin'ny fampianaran-janaka

Manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana, ny governemanta malagasy dia nanao ny fandaharanasa " *Tsimbina* " mba hanohanana ireo tokantrano tena marefo. Mikendry, amin'ny fotoana fohy, ny hanalefaka ny voka-dratsin'ny fidangan'ny vidim-piainana, hanampy amin'ny fampianarana ny ankizy ary hanatsara ny fiainan'ireo mpisitraka ny fandaharanasa.

Nanomboka ny volana mey 2024 ny *Tsimbina*. Tokantrano marefo miisa 657 000, miparitaka amin'ireo distrika 119 amin'ireo faritra 23 eto Madagasikara, no ho tohanana amin'izany. Ny ankamaroan'izy ireo dia mipetraka eny amin'ny faritra an-tanan-dehibe (53%) ary ny hafa (47%) dia eny ambanivohitra.



Ny mpisitraka dia notsongaina amin'ireo tokantrano tena marefo any amin'ireo faritra voakasika mafy amin'ny fiakaran'ny vidim-piainana. Ireo mpisitraka dia tsy maintsy mahafeno ireo fepetra takiana, anisan'izany ny fisoratana an-tsitrapo eny anivon'ny fokontany, ny fifantenana mialoha ataon'ny Komity mpiahy ny mpiara-belonan ary ny fankatoavan'ny fokonolona ampahibemaso aorian'ny fanadihadiana. Noho ny enti-manana voafetra dia voafetra ihany koa ny ankohonana afaka misitraka. Ankoatra izay, ireo tokantrano efa misitraka ireo fandaharanasa toy ny Vatsin'Ankohonana, Asa Avotra Mirindra, Mijoro ary Milofo dia tsy afaka misitraka ny Tsimbina.

*Tsimbina* dia manohana ireo ankohonana marefo hanarina sy hanatsara ny fiainany. Mahazo fanentanana ireo mpisitraka mba hampiroborobo ireo fihetsika miabo manatsara ny fiainam-pianakaviana, manohana ny fanabeazana ny ankizy, manosika ny fanjarian-tsakafo ary mampitombo ireo loharanom-bola. Zava-dehibe ny fandraisan'ireo mpisitraka anjara amin'ireo fanentanana ireo satria manampy amin'ny fivoaram-piainany ary miantoka ny fandraisany ireo vatsy ara-bola.

Ny fidirana ho mpisitraka ny *Tsimbina* sy ireo hetsika rehetra tanterahana ao anatin'ny fandaharanasa dia maimaimpoana avokoa. Misy ny rafitra filankevitra natao ho an'ny rehetra izay handraisana ireo fitarainana eny anivon'ny fiarahamonina.

*Tsimbina* dia fandaharanasa natao hiarenana amin'ny voina mba hanohanana vonjimaika ireo ankohonana marefo voakasika mafy tamin'ny fiakaran'ny vidim-piainana. Izy dia manampy amin'ny fanamafisana ny fahafahan'ireo vondom-piarahamonina hiatrika tranga sarotra. Ny fandaharanasa dia arindran'ny Ministeran'ny mponina sy ny firaisankina, vatsian'ny Banky iraisam-pirenena vola ary tanterahin'ny FID – Fonds d'Intervention pour le Développement.

# **Tsimbina :** Le programme d'urgence pour soutenir les familles vulnérables à faire face à l'inflation et à maintenir la scolarisation de leurs enfants



Face à la montée des coûts de la vie, le gouvernement malagasy a lancé le programme " *Tsimbina* " pour soutenir les ménages les plus vulnérables. Ce programme vise à atténuer , sur le court terme, les effets de l'inflation, à encourager la scolarisation des enfants, et à améliorer la qualité de vie des familles bénéficiaires.

Lancé depuis mai 2024, Tsimbina apportera son soutien à 657 000 ménages répartis à travers les 119 districts des 23 régions de Madagascar, avec une majorité dans les zones urbaines (53%) et les autres en milieu rural (47%). Les bénéficiaires sont sélectionnés parmi les ménages les plus vulnérables, résidant dans les zones les plus affectées par l'inflation. Ceux-ci doivent remplir les critères d'éligibilité, notamment une inscription volontaire au niveau des fokontany, une pré-sélection par les Comités de Protection Sociale (CPS) et une validation communautaire après enquête. Cependant, en raison des ressources limitées, le programme ne peut inclure tous les ménages. Par ailleurs, les ménages déjà bénéficiaires d'autres programmes sociaux de longue durée, tels que *Vatsin'Ankohonana, Asa Avotra Mirindra, Mijoro, Milofo,* ne seront pas éligibles pour bénéficier de Tsimbina.

*Tsimbina* accompagne les ménages bénéficiaires à se rétablir et à améliorer leur qualité de vie. Des séances de sensibilisation sont dispensées aux bénéficiaires pour promouvoir des pratiques visant à améliorer le bien-être familial, favoriser l'éducation des enfants, encourager une meilleure nutrition et augmenter les sources de revenus. La participation des bénéficiaires à ces sessions de sensibilisation est essentielle pour leur progression et conditionne l'octroi des appuis financiers.

L'adhésion à *Tsimbina* ainsi que les différentes activités liées à sa mise en œuvre sont totalement gratuites. Un mécanisme de conseil et d'assistance est également accessible à tous pour recueillir les préoccupations de l'ensemble des communautés (assistance, plaintes...).

*Tsimbina* est un programme de réponses aux crises pour soutenir temporairement les ménages vulnérables les plus affectés par l'inflation. En tant que tel, il contribue à renforcer la résilience des communautés aux chocs supplémentaires. Le programme est coordonné par le Ministère de la Population et des Solidarités, financé par la Banque mondiale, et mis en œuvre par le FID – Fonds d'Intervention pour le Développement.

Aogositra 2024

# TSIMBINA

## TSIMBINA

### Amin'ny fotoana ilàna, amin'ny toerana mety...

*Raiki-tampisaka amin’ny fiainana andavanandron’ny fianakaviana malagasy ny fahasahiranana.*
*Ny fiahiana izay hoentin’ny ny fandaharanasa Tsimbina dia isan’ireo fandraisan’andraikitra tena ilain’ireo marefo.*

*"Tsy mampino !"* Io no teny tokana naloaky ny vavan’ny mpahazo tombontsoa iray raha nahita ny anarany tao anatin’ny lisitra naranty tao amin’ny Fokontany Antanambao tao Taolagnaro. Naneho ny hafaliany sy ny fahamaivanana tsapany, tamin'ny tsiky kely sy sento lalina, ilay ramatoa lehibe iray, any ho any amin'ny dimampoko taona any. Nisinda teo ny ahiahiny rehefa tsapany fa hanohana azy ny *Tsimbina*.

Tsara fahatongavana tokoa ireo tantsoroka sy vatsy ara-bola amin'ity fandaharanasa ity. Miharatsy ny toe-draharaha ara-tsosialy sy ara-toekarena ary miakatra ny vidim-piainana. Tsy azo ihodivirana anefa ny filàna ao an-tokantrano, ny adidy aman’andraikitra, indrindra amin’izao vanim-potoana ankatoky ny fidiran’ny mpianatra izao.

*“ Tsy maintsy nampadeferiko ny zanako faravavy tamin’ny taom-pianarana lasa teo satria tsy naharaka intsony ny enti-manana. Tsy maintsy ireo zokiny roa izay efa any amin’ny kilasy ambony kokoa aloha no nampanoizana fianarana ”*, hoy ny fitantaran’i RALAINANDRASANA Hariniaina, reny tokan-tena monina eny Ampahibe. *“ Ho afaka hiverina an-tsekoly amin’izay ankehitriny ny zanako vavy, toy ny ankizy rehetra mitovy taona aminy nohon’ny fisian’ny Tsimbina “*, hoy hatrany ny fanazavan’ity mponin’Antananarivo renivohitra ity. Izany no vokatra tadiavin’ity fandaharanasa fiahiana ara-tsosialy ity.

*“Ny fianarana no lova tsara indrindra”.* MAROVAVY Viviane, tahaka ireo mpahazo tombontsoa maro hafa, dia namerina io teny io tamim-pitsikiana sy feno fahatokiana. Avy ao amin’ny Fokontany Andremaky ao Sakalalina Ihosy izy, ary nanapa-kevitra ihany koa ny hilofo ho an’ny ho avin’ny zanany.

Saika endrika mampiseho hafaliana nitovitovy tamin’izany avokoa no hita teny amin’ny tavan’ireo mpahazo tombontsoa rehetra nandritran’ny dingana voalohany tamin’ny Fandaharanasa. Nahatsàpa fa voafantina manokana tao anatin’ny maro izy ireo, satria i Tsimbina dia natao tokoa ho sitrahin’ireo tena sahirana irery ihany.



### Tantsoroka : Fomba iray hampivoarana ny tokantrano

Ireo tantsoroka omena mandritry ny fanatanterahana ny fandaharanasa dia manabe. Maro ireo lohahevitra vohizina amin'izany, toy ny : voka-dratsin'ny fanambadiana aloha loatra, ny fitantànana ny vola ao an-tokantrano, ireo zo fototra sy ny maha olom-pirenena, sns.

I Pelamasy, renim-pianakaviana 49 taona, dia mitantara ireo voka-tsoa azony tamin'ny tantsoroka tao Benenitra : " *Tsy tena nahafantatra ny loza ateraky ny fanambadiana aloha loatra aho taloha. Ankehitriny dia fantatro fa mety hisy fiantraikany amin'ny fahasalamana sy ny hoavin'ny tovovavy izany. Manampy anay handray fanapahan-kevitra tsara ho an'ny zanakay izany fampianarana izany*".

Tsy azo lavina ny maha zava-dehibe ny tantsoroka. Na izany aza, ny fahombiazany dia miankina ihany koa amin'ny fahaiza-manaon'ny mpanentana : fahafehezana ny fampianarana ireo olon-dehibe, fanaovana fihetsika sady mahaliana no mampianatra. Sarotra tokoa ny misarika ny sain'ireo mpisitraka hanaovana ny hetsika fanairana noho izy ireo tsy nandia fianarana firy amin'ny ankapobeny.

Anisan'ny tantsoroka tsy hay adinoina ohatra, ny fampianarana ny fitantànana ny teti-bola ao an-tokantrano izay nataon'ny mpanentana iray. Nofintininy tao anaty teboka 5, naseho tamin'ny rantsantanana 5 izany, ary afaka averina ao anatin'ny 5 segondra monja. Tafita tokoa ny hafatra, rehefa nanontaniana i ANDRIANJATOVOSON Hanitriniaina momba ny zavatra voarainy dia afaka namerina fa "*Mila manara-maso tsara kokoa ny tetibolako aho mba ahafahako miantoka ny fianaran’ny zanako.*"

Raha fintinina, ny tantsoroka dia mampianatra fahaiza-miaina sy fomba fanao ho amin'ny fihatsaram-piainana, izay hitondra ho any amin'ny fampandrosoana sy fampivoarana ara-piarahamonina maharitra.

## TSIMBINA

**Fanombohany :**
**13 jolay 2024** : Betioky.

**Jolay 2024 :**
**597 087** ankohonana nakatoavina sy voarakitra
**143** kaominina no voakasik’izany
**210 480** ankohonana nisitraka ny vatsy sy ny tantsoroka

**Ny ho avy :**
**386 607** ankohonana hisitraka ny vatsy sy ny tantsoroka
**174** kaominina no voakasik’izany

**Tanjona :**
**657 000** ankohonana **23** faritra **119** distrika

## Fanadihadiana ...

**Andaza Georgia Hanitriniaina**
Mpisitraka avy amin’ny Fokontany Tsienengea, Kaominina ambonivohitr’i Toliara.

*“Tsimbina, fanilon’ny fanantenana ho ahy sy ny zanako”*



**Inona ny asa fivelomana ataonao ?**
Mivarotra voanjo no tena ataoko ary miady mady isan'andro aho mba hamelomana ny fianakavina keliko. Indraindray aho dia miasa manao raharaha, izay mety ho vitako noho ny fahasembanako, any amin'ny tokantranon'ireo mpiara-monina amiko. Fomba iray entin'izy ireo manampy ahy amin'ny famelomana ireo zanako telo izany.

**Nanao ahoana ny fihetseham-ponao rehefa fantatrao fa ho isan’ireo mpisitraka Tsimbina ianao ?**
Sarotra ho ahy tokoa ny mikatsaka izay mahasoa noho ny toe-batako tsy tomombana ary entiko amin'ny androm-piainana rehetra izany. Ankehitriny nefa dia namelom-panantenana ahy ny fahazoako fanohanana ahafahako manatsara ny fiainako.

**Fanantenana hoy ianao ? Afaka manome fanazavana misimisy kokoa ho anay ve ianao ?**
Ny tantsoroka no tena nahaliana ahy indrindra satria afaka manampy ahy amin'ny fiainako. Marina fa efa afaka mamaha, na dia amin’ny ampahany, ny olako ihany aza ny tohana izay azoko, fa ny tena mahafaly ahy dia ny fahatsapako fa misy fanantenana hanana ho avy tsara kokoa ny zanako.

**Inona no tena nanamarika anao tamin’ireo tantsoroka na ny fandaharanasa *Tsimbina* ?**
Ny maha zava-dehibe ny fanabeazana. Manana zo hianatra ny ankizy ary fantatro izao fa ilaina ny mandefa azy ireo any an-tsekoly sy hifanerasera amin'ny namany. Afaka miantoka ny fianaran-janako aho izao noho ny fisian'ny *Tsimbina*, ary ny fianarana no fanalahidin'ny fiainako.

## Ressource

*Teboka 5 : fitatanam-bolan’ny ankohonana*

**Manana rantsana 5 aho**

1. Esoriko ny trosa
2. Jereko ny vola miditra
3. Lanjalanjaiko ny vola mivoaka
4. Manao tahiry aho
5. Ampianarako ny zanako



*« Tsy afa-misaraka amin’ireo asa fiahiana mpiara-belona ny fantanterahana ireo hetsika fampivoarana miendrika tantsoroka iantohana ny fiovam-pihetsika miabo » .*



*« Azo ampiharina avokoa ireo lohahevitra noresahina nandritra ny tantsoroka ho anay mpisitraka. Fa ny tena voaraiko ary ho ataoko laharam-pahamehana dia ilay sakafo ara-pahasalamana ho an’ny zafikeliko izay taizaiko ».*

**Rivolalao Romualde, fokontany Ambohimena, Kaominina Andaingo, Distrikan’i Moramanga, faritra Alaotra Mangoro.**

Août 2024

# Bulletin d'information

# TSIMBINA

## Focus TSIMBINA

### Au bon moment, au bon endroit ...

**Les difficultés font partie du quotidien des familles malgaches. Pour les plus vulnérables, le programme Tsimbina représente une intervention essentielle.**

« *Incroyable !* » C'est le seul mot qu'a pu sortir une bénéficiaire en voyant son nom sur la liste affichée au Fokontany Antanambao à Taolagnaro. La quinquagénaire frappée de stupeur a exprimé sa joie et son soulagement par un léger sourire et un profond soupir. Une bonne partie de ses soucis s'est évaporée lorsqu'elle a réalisé qu'elle allait être soutenue par Tsimbina.

A l'échelle nationale, le premier accompagnement et le premier transfert prévus dans le cadre de ce Programme sont particulièrement bienvenus en cette période. La situation socio-économique se détériore et l'inflation s'élève. Cependant, les nécessités, les devoirs et obligations restent inévitables, surtout à l'approche de la rentrée scolaire.

« *J'ai dû sacrifier ma benjamine l'année dernière car je n'avais plus les moyens. Il fallait privilégier ses deux ainés déjà dans des niveaux plus avancés* », partage RALAINANDRASANA Hariniaina, mère-célibataire domiciliée à Ampahibe. « *Maintenant, ma fille pourra retourner à l'école comme tous les autres enfants de son âge. Cela grâce à Tsimbina* » précise cette jeune tananarivienne. C'est l'effet recherché par ce programme de protection sociale.

« *Ny fianarana no lova tsara indrindra* » (L'éducation est le meilleur héritage). MAROVAVY Viviane, comme plusieurs bénéficiaires, reformule ce dicton avec un sourire confiant. Originaire du Fokontany Andremaky à Sakalalina Ihosy, elle a décidé également de tout miser sur l'avenir de ses enfants.

Presque la même expression a été observée sur le visage de chaque bénéficiaire pendant la première phase du Programme. Toutefois, ils ont été sélectionnés parmi d'autres, car Tsimbina s'assure de privilégier réellement les plus nécessiteux.



### MACC : Un outil important pour un ménage épanoui

Un des aspects marquants des mesures d'accompagnement (MACC) pour TSIMBINA est l'éducation. Toutefois, selon les caractéristiques de chaque Fokontany, d'autres thématiques essentielles telles que les conséquences du mariage précoce, l'économie familiale, les droits humains ou encore la citoyenneté, etc. ont été au programme. Pelamasy, une mère de famille de 49 ans témoigne de l'impact positif des MACC dispensées à Benenitra : « *Avant, je n'étais pas vraiment consciente des dangers du mariage précoce. Grâce aux sensibilisations, j'ai appris à quel point cela peut affecter la santé et l'avenir des jeunes filles. Les informations reçues nous aideront à prendre des décisions éclairées pour nos enfants* ».

L'importance de ces MACC sont indéniables. Toutefois, l'efficacité de ces séances dépende surtout du savoir-être et du savoir-faire des animateurs : Être un bon andragogue et dispenser des activités à la fois ludiques et pédagogiques s'imposent. En effet, c'est tout un travail de capter l'attention des cibles qui sont, pour la plupart, des personnes adultes dont le niveau scolaire est très faible.

Une animation observée comme étant l'une des plus mémorables, à titre d'exemple, résume la gestion budgétaire d'un ménage en cinq points, avec les cinq doigts, et en quelques cinq secondes. Et le message est passé. ANDRIANJATOVOSON Hanitriniaina, interrogée sur ce qu'elle a pu retenir de sa première séance MACC a relaté ce qu'il fallait : « *Il faut que j'adopte une meilleure gestion de mon budget pour assurer la scolarisation de mes enfants* ».

En somme, les MACC proposent des attitudes et actions pour renforcer l'autonomie et améliorer les conditions de vie des ménages. Ils conduisent vers le développement et l'épanouissement social durable.

## Les Horizons TSIMBINA

**Lancement :**
**13 -Juillet- 2024** : à Betioky.

**Situation fin Juillet :**
**597 087** ménages validés et enregistrés
**143** communes touchées
**210 480** ménages bénéficiaires des accompagnements et du transfert

**Prochainement :**
**386 607** ménages recevront leurs premiers accompagnements et transferts
174 communes concernées

**A la fin :**

**657 000** ménages **23** Régions **119** Districts

## Zoom sur...

**Andaza Georgia Hanitriniaina**
Bénéficiaire du Fokontany Tsienengea, Commune Urbaine de Tuléar.

*« TSIMBINA » représente une lueur d'espoir pour moi et mes enfants*



**Que faites-vous dans la vie ?**
Je lutte quotidiennement pour subvenir aux besoins de ma petite famille. Je vends des cacahuètes habituellement. Mais parfois, mes voisins me proposent quelques tâches ménagères que je suis capable de faire avec mon handicap, et en contrepartie, ils me donnent un peu d'argent. C'est surtout une manière assez modeste de m'aider à nourrir mes trois enfants.

**Et quel sentiment avez-vous ressenti lorsque vous avez su que vous allez être bénéficiaire ?**
Voyez-vous, je vie avec la pire des conditions. Handicapée à vie, courir après les opportunités m'est juste impossible. Mes chances pour trouver un travail est moindre en étant scotchée sur mon fauteuil roulant. De là, l'idée de recevoir un soutien pour améliorer ma situation m'a rempli d'espoir.

**Espoir ? pouvez-vous nous apporter quelques éclaircissements ?**
En fait, ce sont les mesures d'accompagnement, pouvant durablement m'aider dans ma vie, qui m'ont le plus intéressée. Certes, le transfert pouvait déjà résoudre une partie de mes problèmes. Mais je le vois surtout aussi comme un soutien en l'espoir d'un avenir meilleur pour mes enfants.

**Qu'avez-vous retenu des séances « Mesures d'accompagnement » et de l'ensemble du Programme Tsimbina ?**
L'importance de l'éducation. Les enfants ont droit à la scolarisation. Et je connais maintenant la nécessité de les envoyer s'asseoir sur les bancs des écoles, et côtoyer leurs compairs dans les cours de récréation. Je peux inscrire mes enfants à l'école dès maintenant grâce à Tsimbina, car c'est la clé pour une vie meilleure.

## Ressource

*Le budget familial en 5 points*

Activité proposée par un animateur MACC

**J'ai cinq doigts.**

1. Je paie mes dettes ;
2. j'évalue mes économies ;
3. je gère bien mes dépenses ;
4. afin que je puisse épargner ;
5. pour scolariser mes enfants.



*" Composantes inséparables des programmes de protection sociale, les mesures d'accompagnemen visent à changer les comportements des ménages bénéficiaires et à élever leur niveau de vie."*



***« Toutes les thématiques ayant fait objet de sensibilisation pendant les MACC sont intéressantes. Mais je vais adopter en priorité l'alimentation saine et équilibrée pour le bien-être de mon petit fils ».***
Rivolalao Romualde, fokontany Ambohimena, Commune Andaingo, District de Moramanga,